Ny Valosoa sy Fakafaka 2

**Tsy menatra ny mandainga ny mpitondra eto amintsika**

Mahabo faritra Menabe 3

**Tafajoro ny biraon'ny Vehivavy sy ny Tanora TIM**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Angôvo 3

**Fitaka atao ny mpanjifa misy ao amin'ny orinasa Jirama**


www.gvalosoa.com


gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 20 desambra 2022 Laharana 1381 Vidiny : 600 Ar


## Rajoelina tany Etazonia 2

# Nandainga indray fa tsy tafiditra amin'ny MCC izany isika



MILLENNIUM CHALLENGE CORPORATION

UNITED STATES OF AMERICA

Millennium Challenge Corporation – MCC

WASHINGTON (13 décembre 2022) – Depuis le premier Sommet des leaders américano-africains il y a près de dix ans, le Millennium Challenge Corporation (MCC) du gouvernement américain a pris des engagements importants envers l'Afrique. Le MCC vient d'annoncer aujourd'hui que son conseil d'administration a choisi à l'unanimité la Gambie, le Togo le Sénégal et la Mauritanie pour bénéficier de nouveaux programmes subventionnés par cette institution.

## Rodoben'ny mpanohitra RMDM 3

# Tsy ahomby ireo mitetika hampizara ny mpanohitra





## Raharaha Andry Biahary 2

# Henjana ny tady eo amin'ny zanak'i Toliara sy ny fitondrana



## Mondial eo amin'ny baolina kitra 8

# Any Etazonia sy Kanada ary Meksika indray amin'ny taona 2026



**Isotry sy ny manodidina 6**

Miseho lany ny haro-paosy sy ny halatra samy hafa

**Ny Valosoa sy Mahasoa 8**

Ny soa azo amin'ny fandehanana tongotra tsy manao kapa, na kiraro

**Daka kely**




Tsy mena-mivadika toy ny andro frizy mihitsy nareo ry Boaikely a !

RAJOELINA TANY ETAZONIA

# Nandainga indray fa tsy tafiditra amin'ny MCC izany isika

Araka ny vaovao voaray, nandainga indray ny filoha Rajoelina avy any Etazonia, tsy anisan'ireo firenena Afrikana tafiditra hisitraka ny MCC, na Millenium Challenge Corporation, fiaraha-miasa amin'ny Amerikana i Madagasikara. Ny firenena hahazo izany MCC izany dia i Gambia, Togo, Senegal ary Mauritania. Arak'izany, tsy misy Madagasikara hahazo tetikasa hiarahana amin'izy ireo. Fa mahakasika izay fiaraha-miasan'ny Amerikana amin'i Afrika izay, nihaona tamina filoham-pirenena afrikanina 6 ny Filoha Biden hampanjakana ny fifidianana malalaka sy madio ary mangarahara. Ny Filoha Biden dia nihaona tamin'ny Filoham-pirenen'ny Repoblika Demokratikan'i Congo (RDC) Felix Tshisekedi, ny Filoham-pirenen'i Gabon Ali Bongo Ondimba, ny Filoham-pirenen'i Liberia George Manneh Weah, ny Filoham-pirenena Malagasy Andry Rajoelina sy ny filoham-pirena Nizeriana Muhammadu Buhari ary ny Filoham-pirenen'i Sierra Leone ny herinandro lasa teo. Niresaka momba ny fifidianana hatrehin'ireo firenena ireo amin'ny taona 2023 ny Filoha Biden, amin'izao fotoana manan-danja ho an'ny demokrasia maneran-tany izao. Niresaka momba ny fifidianana manasaka fe-potoam-pitondrana farany teo ihany koa ny Filoha Biden ary nanambara, fa nohamafisin'izany dingana izany ny tanjaky ny fahaiza-miatriky ny demokrasia amerikana. Nohamafisiny ihany koa ny fahavononan'ny Fitondrana Biden-Harris hiara-hiasa hanavaozana sy hiarovana ny demokrasia eto an-toerana sy any ivelany. Na dia tsy ampy hamaritana ny demokrasia aza ny fifidianana fotsiny, dia nanantitrantitra ny Filoha Biden, fa tena ilaina ny fanaovana fifidianana amin'ny fampandehanana ny demokrasia.

Niara-nidinika ny fanamby amin'ny fanatanterahana fifidianana sy ny fampiasana ny zo hifidy ireo filoham-pirenena ireo, anisan'izany ny fitsabahan'ny vahiny sy ny herisetra ara-politika. Nifanakalo izao fomba fanao nahomby, amin'ny fitantanana ireo ambana ireo sy hiantohana fifidianana azo antoka sy mangarahara ary atokisan'ny vahoaka ihany koa ireo filoha. Nohamafisin'ireo mpandray anjara ny fahavononan'izy ireo hikarakara fifidianana malalaka sy marina ary mangarahara, tanterahan'ny rafi-pifidianana nasionaly mahefa sy mahaleo tena ary tsy mitanila, araka ny voalazan'ny sata afrikana momba ny demokrasia sy ny fifidianana ary ny fahaiza-mitantana.



*Ny fihaonan'ny filoha Amerikana tamina filoha maromaro avy aty Afrika, anisan'izany ny filoha Malagasy.*

Manan-danja ny fifidianana hatao aty Afrika amin'ny taona 2023. Na dia tsy manohana kandidà na antoko manokana aza i Etazonia, dia manamafy ny fanohanany ny zotram-pifidianana hanamafisana ny demokrasia aty Afrika. I Etazonia dia miara-miasa amin'ny Kongresy ary mikasa hanome 165 tapitrisa dolara mahery, hanohanana ny fifidianana sy ny fitondrana tsara tantana aty Afrika amin'ny taona 2023.

***Ny Valosoa***

Antoko TIM

# Manentana ireo mpikatroka hiditra amin'ny lisi-pifidianana




*Ny fivorian'ireo mpitarika ny antoko TIM tany Ihosy faritra Ihorombe.*

Nanatanteraka fivoriana ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any Ihosy faritr'Ihorombe ny faran'ny herinandro teo. Nisy arak' izany ny fanentanana ireo mpikambana hanatanteraka ny toromariky ny filoha Marc Ravalomanana, nandritra ny fankalazana ny tsingerintaona nahaterahany sy ny faha-20 taonan'ny antoko TIM, natao tany Fianarantsoa ny 12 desambra lasa teo. Manentana ny mpikatroka rehetra hiditra amin'ny lisi-pifidianana ny TIM Ihosy, ary nanentana azy ireo ny mpitarika ho mailo amin'ny fanaraha-maso izany lisi-pifidianana izany, ialana amin'ny karazana hosoka isan-karazany amin'izany hosoka izany. Nilaza ihany koa izy ireo, fa vonona hametraka ny paikady rehetra hamerenana ny filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny fitondrana indray, amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy eo. Manana ny anjara toerany ihany koa ity antoko najoron'i Dada ity, any amin'iny renivohitry ny faritra Ihorombe iny.

***Stefa***

Raharaha Andry Biahary

# Henjana ny tady eo amin'ny zanak'i Toliara sy ny fitondrana



*Ny hetsika ny faran'ny herinandro teo tany Toliara, ho fanohanana an'i Andry Biahary.*

Henjana ny tady amin' izao fotoana eo amin'ny Zanak'i Toliara sy ny fitondrana, mahakasika ny nisamborana an'i Andry Biahary, mpandraharaha ara-toekarena any amin' iny faritra Atsimo Andrefana iny, nisy nisambotra ny faran'ny herinandro teo. Noho izay antony izay, nanome 48 ora ho an'ny mpitondra ao Toliara ireo Ray aman-dreny avy amin'ny foko Tanalana sy Mpitankazomanga, mba hamerenana an'ity Andriamatoa Andry Biahary ity any Toliara. Nosamborin'ny zandary ny alakamisy alina lasa teo izy, izay mpaneho hevitra sy mpisintona lakolosy amin'ny facebook ary tsy misalasala milaza ny tsy mety, sy ny tsy rariny mitranga eo anivon'ny fiarahamonina. Nandeha ny resaka taorian'ny fisamborana azy, fa nentina tamin'ny fiara nizotra tamin'ny lalam-pirenena faha-7 (RN7), niala tao Toliara izy, saingy tsy fantatra mazava hoe nentina aiza marina ? Araka ny vaovao voaray farany dia voalaza fa nentina tany amin'ny fonjan'Ankazondrano Fianarantsoa, faritra Matsiatra Ambony ity mpisintona lakolosy ity. Tapitra omaly ny 48 ora nomen'ireo ray amandreny any amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana, mafampana ny toe-draharaha amin' izao fotoana. Harahantsika eto ihany ny mety ho tohiny.

***Stefa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy menatra ny mandainga ny mpitondra eto amintsika

10 volana sisa raha ny tetiandrom-pifidianana dia hiala eo amin'ny fitondràna ny mpitondra ankehitriny, izay nilokaloka fa hitondra an'i Madagasikara ho any amin'ny ho avy mamirapiratra . Hisy araka izany ny fifidianana indray, izay hitondra ny tany sy ny fanjakàna amin'io taona 2023 io . Hatreto aloha, raha ny teny miloaka ny vavan'ny mpitondra dia manantena ity fitondràna TGV ity, fa mbola hanohy ny fitondràna ny firenena izy ireo raha ny zavatra hita etsy sy eroa. Nisy ny fampanantenana araka ny nambara tetsy ambony, izay lasa tohizan'i Andry Rajoelina indray hoe io asa io dia ho vita any amin'ny 2025, sns… Ny nifanarahana taminy anefa araka ny fanambaràny dia ny hoe: ho vitaintsika ao anatin'ny 5 taona ireo tsy vitan'ny mpitondra teo aloha nandritra ny 60 taona. Marobe ny fampanantenana tao anatin'ny velirano 13 , kanjo mivadika zavatra hafa tato aoriana, fa tsy araka izay nampanantenaina 4 taona aty aoriana . Fa ny tena mibaribary dia ny fampanantenana teo aloha tsy vita , ny aty aoriana asesika ihany . Mody raisina kely ireny fampanantenana ireny raha vao mitabataba ny ao amin'ny tambazotran-tserasera dia hetsehina kely ilazàna fa hoe manao ilay asa ny mpitondra . Ny bus miisa 1000 izay hoe hafarana hampiasaina eto Antananarivo Renivohitra dia tena tsy menatra ny mandainga ny mpitondra tenin'ny Prezidansa Ramatoa Lova Ranonomaro milaza fa tsy izy sy i Andry Rajoelina, no nampanantena ireo Bus ireo , nefa izy tenany mihintsy no nilaza izany nandritra ny valandresaka nataony ho an'ny mpanao gazety . Ny vahoaka aloha efa tonga saina, ka tsy manaiky ny lainga tsara lahatra intsony e ! Soa fa efa misy ny tekonolojia vaovao ahafahana mijery ny zavatra nambara tamin'ny propavandy, ka ireny ihany no ampahatsiahivina amin'ny mpitondra ankehitriny, izay efa misy mametraka mihintsy hoe Rainilainga.

***Helisoa***

*TONONKALO*

## Mihetsika ny gasy leo

Mihamitombo hatrany hatrany ireo mijoro ho gasy leo,
Mikendry hanambatra ny heriny ary dia mampiaka-peo.
Manaitra ireo matoritory mba hihetsika, hifoha,
Fa mila ovàna ny mpitondra, indrindra indrindra ny filoha !

Fambara maro no mitranga, mihamafy ny tsikera.
Anisany ny zava-nisy tao anaty Antenimiera.
Fitsipaham-pitokisana efa an-dalam-pandaniana,
No nitsefotra indray ka nahagaga, nahavariana !

Misy tombontsoa voakitika, misy seza mihozongozona,
Ka mandeha ny tsindritsindry sy fanaovan-taingim-bozona.
Indro idiran`ny filoha ireo tsy tokony hotsabahiny,
Ka manjary manapentina ny laza sy ny voninahiny !

Efa mba natokana izy ho amin`ny toerana eny ambony:
Mba ho rain`ny Malagasy fa tsy an`antoko intsony.
Efa izay no nametrahana, efa izay no iavahany,
Kanjo idirany ny antoko, dia mitohy ny fitsabahany !

Tsisy zavatra manjary ny ao anaty fitantanana.
Mainka ho tena loza izany mialoha ny fifidianana.
`Zao dia efa mifanditra ny ao anaty fitondrana.
Lasa ny mpanatanteraka no mitady hanao lalàna !

Ny fiainam-pirenena zary toa misavoritaka.
Ny mpitondra tsy mitsahatra ny mandainga sy mamitaka.
Asa iretsy "gasy leo" raha hahavita hampiray,
Ka hampiteny hoe "ry filoha, mialà ianao fa ampy izay !"

***DADAN`i RIANA (11-12-2022)***

### RODOBEN'NY MPANOHITRA RMDM

# Tsy ahomby ireo mitetika hampizara ny mpanohitra

Nanao valandresaka ho an'ny mpanao gazety tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tao Bel'Air Ampandrana omaly alatsinainy 19 desambra ny rodoben' ny mpanohitra RMDM. Lohahevitra miisa 3 no novoaboasana tamin'izany, teo ny jery todika nandritra ny taona 2022, sy ny fanazavan-kevitra mikasika ny RMDM ary antso ho an'ireo olompirenena sy ireo manana andraikitra eto amin'ny firenena. Novelabelarin'ny mpikambana ao amin'ny birao politika nasionalin'ny antoko HVM, ny senatera teo aloha Jafetra, fa ao anatin'ny RMDM tanteraka ny HVM ary isan'ny namolavola azy tany ampiadohana. Ao anatin'ny antoko mpanohitra, ary miaraka amin'ny mpanohitra. Noho izany, tsy hitoraka voninkazo ny mpitondra mihintsy izahay HVM hoy izy. Hamafisinay etoana hoy ny senatera Jafetra, fa tsy mitady fiaraha-mitantana ny HVM, ary tsy mitaky governemanta hiarahana mitantana. Misy ny vaovao miely ankehitriny hoe misy ny fifanarahana eo amin'ireo filoha teo aloha Hery Rajaonarimampianina sy Marc Ravalomanana. Ny fifampiresahana misy foana eo amin'izy mirahalahy, fa ny fifanarahana miafina kosa dia hamafisinay fa tsy misy izany, hoy izy. Io teny




*Ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny RMDM tetsy Bel'Air omaly.*

ataon'ny sasany io dia fomba fiadin'ny kanosa izany, koa teneninay ianareo kanosa ireo amin'izao izay matahotra ny fiarahan'ny fanoherana, ka mampita izany any amin' ny tambazotran-tserasera, hatreto aloha tsy misy ny fifanarahana fa ny ny tanjona izao dia ny tsy fanekena izao fitondràna izao.

**Jery todika**

Nisy ny jery todika ny zavatra vitan'ny RMDM ny taona 2022, izay nambaran'ny filoha lefitry ny HVM, ny Pasitera Edouard Tsarahame nandritra ny valandresaka natao ho an'ny mpanao gazety. Ny taona 2022 dia nahafahan'ny RMDM nanamafy, sy nametraka ireo rafitra tany amin'ny faritra maromaro manerana an'i Madagasikara. Amin'ny maha fivondronan'ny antoko politika samihafa ny RMDM dia afaka mandrindra tsara ireo fiaraha-miasa, izay mifototra amin'ny tanjona iraisana dia ny fanoherana izao fitondràna mitondra ny firenena any ankady, ka mampahantra ny vahoaka Malagasy izao ny RMDM. Na dia teo aza ny sakantsakana sy ramatahora nataon'ny mpitondra dia mbola mafy sy matanjaka ny fiarahamiasan'ny RMDM. Laharam-pahamehana ho an' ny RMDM araka ny fanambaràna ihany ny fanomanana ny fifidianana amin'ny taona 2023 ; ary mandray anjara amin' izany ny RMDM. Ohatra amin'izany ny fanatrehana ireo fivoriana niarahana tamin'ny SADC, ny Vondrona Afrikana, ny CENI. Hamafisinay hatrany hoy Pasitera Edouard, fa 5 taona ihany no fe-potoana itondràn'ny filohampirenena, ka tsy maintsy hatao ny fifidianana amin'ny taona 2023, fa tsy hikononkonona hanao tetezamita eo indray ny mpitondra. Mikasika ny vaovao miely ankehitriny amin'ny fifanarahana eo amin'ireo filoha teo aloha dia mazava, fa ny filohan'ny RMDM dia tsy nanao sonia na nifampidinika manokana izany, satria mbola tsy niala teto Madagasikara izy hatramin'izao. Ny fanapahankevitra izay nataony hatramin'izay hoy Pasitera Edouard dia entiny eto aminay, ka hamafisinay fa tsy mbola nisy fifanarahana izany aloha. Hamafisina hatrany koa fa misy ny firaisankina eo amin'ny RMDM, ka ireo izay mitetika ny hampizarazara ny mpanohitra dia tsy ahomby izany. Ny tanjona hiraisana aloha amin'izao dia ny fanoherana ity fitondràna, izay mampijaly sy manao izay hampahantra ny Malagasy, ka tsy ekenay mihintsy hoy hatrany ity filoha lefitry ny RMDM ity.

**Mavaivay**

Manoloana ny rahaham-pirenena mavaivay amin'izao fotoana dia nisy ny antso nataon'ny RMDM, indrindra amin' izao fetin'ny Krismasy sy ny faran'ny taona izao. Miantso ny mpitondra fanjakàna izy ireo, mba hampitsahatra ny fisamborana olona tsy mitovy hevitra amin'ny fanjakàna. Miantso izahay ny hamoahana ireo gadra politika rehetra. Miantso ny FFKM mba hiroso amin' ny fikaonandoham-pirenena, hamahàna ny olana eto amin'ny firenena. Miantso ny mpiara-miombon'antoka rehetra avy any ivelany, mba hijery ny fomba fitantanana ny firenena eto Madagasikara. Ary farany, miantso ny herivelona rehetra, mba hifanome tanana amin'ny fanavotana ity firenena malalantsika ity, izay tena latsaka an-katerena ankehitriny.

***Helisoa***

Mahabo faritra Menabe

## Tafajoro ny biraon'ny Vehivavy sy ny Tanora TIM

Araka ny toromariky ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM tany Fianarantsoa sy tany Tsiroanomandidy farany teo, manome lanja ny vehivavy sy ny tanora ao anatin'ny antoko. Nametraka ny biraon'ny Vehivavy sy ny Tanora TIM ny tany Mahabo faritra Menabe ny faran'ny herinandro teo. Nanatanteraka izany ny biraon'ny Distim any an-toerana, niaraka tamin'ny solontenan'ny vehivavy sy ny tanora any amin'ity distrika ity. Nisongadina tamin'izany, fa handray anjara mavitrika amin'ny fameloma-maso ny antoko, sy ny fanabeazamboho ity antoko ity ny mpitarika ny vehivavy sy ny tanora any Mahabo.

***Niaina***



*Ny sasany amin'ireo mpitarika ny Distim any Mahabo faritra Menabe.*

## Ny Valosoa sy hadihady

### Angôvo

# Fitaka atao ny mpanjifa misy ao amin'ny orinasa Jirama

Misy amin'izao fotoana ny karazana endrika fitaka atao amin'ny mpanjifa ihany koa ao anivon'ny orinasa Jirama. Olona maro mampiditra rano, efa vita "devis" ara-dalàna, efa voaloa vola daholo ny fitaovana nefa hasaina mividy ireo fitaovana any amin'ny quincaillerie, na mpivarotra fitaovana momba ny rano sy jiro hafa indray, fa mbola tsy misy hono ao Mandroseza dia soloiny ireo vidin'entana, hampifanesorana amin'ny faktiora isambolana (à deduire) nefa lainga izany. FENO FITAKA AO AMIN'NY JIRAMA AO. Hatramin'izay dia efa tsy rariny hatrany no nataon'ny JIRAMA ny mpanjifany, na teo amin'ny resaka rano izany na ny jiro. Rehefa ry zareo no manapaka dia tsy misy a inona na inona azo atao mihitsy eny amin'ny fiaraha-monina sendra izany. Ny rianaratra moa dia efa tsy maty am-bava ny hoe: delestazy, tapaka elabe ao anaty ora fiasana ary dia manimba fitaovana maro mihitsy. Ny rano koa dia mila vonjena vao maraina be hatrany, na amin'ny alina, mila manangona satria ny tolakandro indray vao miverina, na amin'ny alina, nefa zara raha misy. Marihina fa rehefa hanapaka kaontera ry zareo: vola tsy voaloa na tara fandoavana, dia samy mahatsapa ny tsirairay, fa tokony ankinina aminy ihany ny fitetezana isan-tokantrano mandray ny marika amin'ny kaontera na ny sanda lany, satria sady efa mba fanairana no miaro ireo mpanjifa amin'ny fahatarana indraindray. Izany hoe: tsara ireo mpitety trano toy ny taloha, manao fanamiana miavaka mba miara- mandray izay isa marina sy voaporofon'ny roa tonta eo, ka izy ireo ihany no manatitra ny faktiora tokony ho efain'ny mpanjifa amin'izany, izay mba vita fiomanana sy fanairana tany aloha.

Tato ho ato dia maro no milaza fa voafitaka rehefa hampiditra jiro na rano, efa vita tanteraka ny taratasy rehetra na ny devis izany, ny resaka rano no tena loza, satria efa miandry vita ny mpangataka dia asiandry zareo mividy na manolo ireo fitaovana sarotra hita eny Mandroseza, ka averina tsikelikely amin'ny vidindrano lany isam-bolana hono io vola nanoloana fitaovana io, nefa rehefa ela ny ela dia tsy misy taratasy fampilazana fa mbola ao na tsia io vola io, ny hofana kaontera moa sy hetra madinika dia takiana tsy ankiato, ianao efa mivezivezy eny Mandroseza nefa dia tapahina ny rano satria nitambatra tao ireo lany 4 taona hoy ny sendra anay. Voatery mandoa 3 tapitrisa Ar mahery vao miverina indray ilay rano kely manarapenitra tapatapaka tsy rariny iny. Mikasika ity orinasa, hita sy tsapa amin'izao fa misy ny kolikoly sy fahalovana manomboka avy any an-tampony, ka hatrany ambany. Ary mbola misy hatramin'izao izany, fa tsy tamin'ny teo aloha ihany. Io fahalovana hatrany ambony io dia tsy ao amin'ity orinasa ity ihany, fa hatramin'ny mpitondra faratampony eto amintsika no ahatarafan'ny maro izany ny fisiany.

***Beharo***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Nomenjanahary R.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona, Helisoa

Ny tafa tamin'ny mpanao gazety nataon'ny RMDM, tetsy Bel'Air omaly, niresahan'izy ireo ny jery todiky ny taona 2022.













Fanandratana ny andiany Lalaina Rabezanahary ho mpikabary, teny amin'ny Espace Saha Edena Ambohijanahary Antehiroka miisa 41 mianadahy ny sabotsy teo. Fiaraha-miasa teo amin'ny vondrom-pampianarana ROSSIGNOLS sy ny Fikambanana ZAAEM.









# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Rajepa

Ny fivoriana nataon'ireo mpitarika ny antoko TIM any Ihosy faritra Ihrombe, ny faran'ny herinandro teo.










Fananganana ny birao ny Vehivavy Tim sy Tanora Tim, niarahana tamin'ny biraon' ny Distim Mahabo any amin'ny faritra Menabe.









Akany Ambatolampy

# Tsy nanadino ireo zaza kamboty ny fianakavian'ny polisim-pirenena

Amin'izao fotoana akaiky ny fetin'ny ankizy izao indrindra no nanehoan'ny fianavakiamben'ny Polisim-pirenena, fa manana solon-dRay aman-dreny afaka iankinana ireo ankizy kamboty taizaina ao amin'ny Akany Ambatolampy faritra Vakinankaratra. Tonga tany amin'ny Akany ity, niara-nifaly tamin'ireo ankizy ny fianakaviamben'ny Polisim-pirenena, notarihan'ny Minisitry ny filaminam-bahoaka mivady Contrôleur Général de Police Randrianarison Fanomezantsoa, niaraka tamin'ireo mpiara-miasa eo anivon' ny Minisiteran'ny filaminam-bahoaka ny faran'ny herinandro teo. Kilalao maro samihafa, vatomamy, akanjo, sakafo, kojakoja maro isan-karazany ilaina amin'ny fiainana andavanandro. Ireo no fanomezana azon'ireo ankizy. Nisoritra teny amin'ny endrik'izy ireo ny tsiky sy ny hafaliana, ka nitondrany ny teny fankasitrahana ho an'ny Minisitera, sy ireo mpiara-miasa rehetra.



*Ireo fanomezana nomena ireo zaza kambotin'ny polisim-pirenena any Ambatolampy.*

Nandrisika ny ankizy hilofo mafy amin'ny fianarana, sy hitombo fahendrena hatrany ny Minisitry filaminam-bahoaka ary nambarany fa ny Polisim-pirenena no solon-dray aman-dreny hikolokolo ireto ankizy ireto.

**Stefa**

Akany Arivonimamo

# Tsy nanadino ireo ankizy kamboty ny zandary amin'ny Fetin'ny Noely izao

"Fa Mpamonjy no teraka ho anareo anio ao an-tanànan'i Davida, dia Kristy Tompo" Lioka 2:11. Dibon-kafaliana ireo ankizy kamboty miisa 71 beazina ao amin'ny Akany Zandarimaria Arivonimamo faritr'Itasy, nandritry ny fankalazana ny Noely taona 2022, izay natao y sabotsy teo.

Tonga nanome voninahitra ity Krisimasin'ny Akany ity, ireo tompon'andraikitra ambony rehetra eo anivon'ny Zandarimaria ombam-bady avy, izay nahitana ny Jeneraly Tale kabinetra nisolo tena ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimaria, ny Jeneraly Komandin'ny Zandarimaria (COMGN), ny Jeneraly Filohan'ny filankevi-pitantanan'ny Akany Zandarimaria (PCA), ireo Raiamandreny ampanahy sy ireo olomanan-kaja sivily sy miaramila ary ireo mpikambana avy ao amin'ny Fikambanan'ny Vady Zandary (FIVAZA).



*Ny fankalazana ny Noely ho an'ireo ankizy taizaina ao amin'ny Akanin'ny Zandarimariam-pirenena Arivonimamo.*

Nizara dimy ny fankalazana ny fotoana :

-Fotoam-pivavahana nanomezam-boninahitra an'Andriamanitra, izay nanolotra ny Zanany Lahitokana ho antsika, notarihin'ireo Raiamandreny am-panahy ;

-Fifandimbiasam-pitenenana teo amin'ny Jeneraly PCA sy ny COMGN , narahin-dRamatoa Vadin' ny Komandin'ny Zandarimaria, izay Filoham-boninahitry ny Fivaza sy Ramatoa Julie Devaux sy ny Fikambanan'ny Fiara 2CV ary ny Label Village, izay samy mpiara-miasa amin'ny Zandarimaria.

-Fampisehoana an-dampihazo sy dihy mirindra ;

-Fandraisana ireo fanomezana avy amin-dRamatoa Julie Devaux, toy ny foto-drafitr'asa fiompiana akoho amam-borona (ferme pédagogique), ondry, bitro, zanak'akoho gasy, masomboly, fitaovana fikojakojana zaridaina ary mofomamy Noely;

-Fizarana kilalao sy Vatomamy avy amin'ny fikambanan'ny Vadin'ny Zandary.

Nofaranana tamin'ny fiaraha-misakafo tamin'ireo ankizy sy ireo izay nasaina tao amin'ny trano malalaka Label Village ny fotoana.

**Niaina**

Tompondaka Baolina Kitra Vehivavy « Phase 2 »r

# Amin'ny febroary 2023 ny dingana famaranana

Tapitra tamin'ny sabotsy 17 desambra 2022 ny dingana faha-2 amin'ny fiadiana ny ho Tompondakan' i Madagasikara sokajy vehivavy Sénior. Ireo vokatra azo : Andro faha 5, Stade Ampasambazaha Fianarantsoa : ASOT 1 - 1 AS AMMI, Disciples FF 1 - 0 ASCUF, 3FB Ambovombe 0 - 3 3FB Betroka. Andro faha 5, Stade Stade Vélodrome Antsirabe : AFDA (3) - (0) FCF, MIFA (2) - (3) AC Sabnam, Vondrona A- Antsirabe : -Meilleur Coach : Rakotomalala Johary (AC Sabnam) -Meilleure Buteuse : Aly Suraya (AC Sabnam - n' 7) -Meilleure Joueuse : Ravaoharimalala Nadia (MIFA - n'12) -Meilleure Gardienne de but : Volazara Bernadette (AFDA - n'19) Vondrona B- Fianarantsoa : -Meilleur Coach : Randriantsoa Joseph (Disciples FF) -Meilleure Buteuse : Razananivo Solomampionona (Disciples FF n' 7) -Meilleure Joueuse : Ramanantsoa F. Sitrakiniaina (Disciples FF - n'9) -Meilleure Gardienne de but : Soanarivo Anastasie (ASCUF - n'1) Ny filaharana isam-bondrona Antsirabe : 1°-Ac Sabnam (15 pts), 2°-Mifa (12 pts), 3°-Afda (9 pts), 4°-Fcf (6 pts), 5°-Ajsai (3pts). Fianarantsoa : 1°-Disciples Fc (15 pts), 2°-Ascuf (10 pts), 3°-Asot (6 pts), 4°-Asamm (5 pts), 5°-3Fb Betroka (4pts). Ho tontosaina eto Antananarivo amin'ny fiandohan'ny volana Febroary 2023 ny dingana famaranana ka ireo klioba 2 voalohany isam-bondrona no hiatrika izany.



*Football Féminin « phase 2 ».*

**Rainilita**

Isotry sy ny manodidina

# Miseho lany ny haro-paosy sy ny halatra samy hafa

Miseho lany amin'izao fotoana ny haro-paosy sy ny halatra samy hafa eny Isotry sy ny manodidina amin'izao ankatoky ny fetin'ny Krismasy sy ny faran'ny taona, hiandrasana ny taona vaovao izao. Miandahy miambavy mihitsy ireo olon-dratsy amin'izany. Na izany na tsy izany, misy ny ezaka ataon'ny mpitandro filaminana eny an-toerana. Miisa 07 ireo mpanao ratsy azon'ny polisy tetsy Isotry sy ny manodidina tao anatin'ny iray andro ny faran'ny herinandro teo. Manararaotra ny fahamaroan'ny olona miantsena amin'izao akaiky fety izao ireo olon-dratsy anaovany ny asa ratsiny, saingy efa misy ireo Polisy manao fanamiana sivily mitsirika ny ataon'izy ireo, ka nahatonga izao fahasaronana mpangalatra maromaro izao.

**Niaina**




*Ireo mpangalatra saron'ny polisy nandritra ny iray andro teny Isotry sy ny manodidina.*

Ligim-paritra Volleyball Matsiatra Ambony

# Nahazo fiofanana tamin'ny DTN

Nahazo fiofanana avy amin'ny DTN, Razafinjatovo Jean Honoré, nandritra ny enemana (12 ka hatramin'ny 18 desambra 2022), tao Fianarantsoa ireo Mpampianatra sy Mpanazatra ary Mpitsara lalao Volleyball sy Beach-volley miisa 28, avy ao amin'ny ligim-paritry ny volley-ball ao Matsiatra Ambony, ka nahatratra 7 avy amin'ny Fiadidiana ny Faritany Miaramila faharoa (1/RM2), 2 avy amin'ny Fiadidiam-paritanin'ny Zandarimariam-pirenena, 2 avy amin'ny Lycée Catholique Fo Masin'i Jesoa Talatamaty, 3 avy any amin'ny Distrikan'i Fandriana (Faritra Amoron'i Mania), 2 avy amin'ny Klioba SVBC, 2 avy amin'ny AGIR VB, 1 avy kosa avy amin'ny CVBI, MVBC, CSFX, Programme CERES, Lycée Privé Les Semeurs, Collège de Référence Idanda, Lycée Technique et Professionnel Beravina, Green VB, CRA VB HM ary iray tsy miankina. Nambaran'ny tompon'andraikitry ny volley-ball ao Fianarantsoa fa : ny Ligim-paritra Volleyball Matsiatra Ambony dia misokatra amin'ireo endri-piarahamiasa rehetra hampiroboroboana ny Volleyball sy hitaizana tanora any amin'izy ireo, ka miantso an'izay tsara sitrapo rehetra mba hiara-hisalahy hampivoatra azy ary mba hanohana ara-pitaovana ireo tanora miaina ao anatin'ity tontolo ity. Fiarahamiasa no angatahan'izy ireo, mba hanomezan'ireo Sekoly na toerana misy kianja hampianarana sy hitaizana ireo tanora mpankafy. Nisaotra an'ireo rehetra nanolo-tanana tamin'ny nanatontosana an'ity fiofanana ity ny Ligim-paritra Volley-ball Matsiatra Ambony.

**Rainilita**




*Fanomezan'ny DTN sertifikà ny mpiofana iray.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**17/12/2022 hatramin'ny 24/12/2022**

- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 038 37 007 07/032 11 220 11
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1381-12-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**Kaominina Ambinanifaho Antalaha**

# Manampatra fahefana amin'ny « taxe de roulage »

Manampatra fahefana amin'ny « taxe de roulage » ny kaominina Ambinanifaho distrikan'Antalaha faritra Sava, hoy ny avy amin'ny antoko TIM any an-toerana. Misy ny fanambarana nataon'izy ireo mahakasika izany. « Amin' alahelo lehibe no ilazanay aminareo mpikambana rehetra amin'ny Tiako i Madagasikara, indrindra isika ato amin'ny faritra Sava, fa namoy mpiaramitolona isika dia i Soa Nosy fantatra amin'ny anarana hoe : maman'i Nana, izay mpitambolan'ny Comtim Ambinanifaho, ny alakamisy lasa iny . Nampalahelo ny zavnitranga, satria tsy afaka nanotrona ny mpikambana maro avy taty Antalaha noho ny lalàna napetraky ny Commune Ambinanifaho . Tamin'ny 4km tsy hiditra ny tanàna dia nisy barrage mitaky taxe de roulage , mandoa 10000 Ar ny fiara, vao afaka mandika. Nanao ny fifampiraharahana izahay satria fahoriana no haleha ary eran'i Madagasikara ny gasy rehetra dia miondrika manaja ny razana fa ny Commune Ambinanifaho, izay tarihin' Andriamatoa Dony dia tsy mijery ny maha olona , ny fahoriana toy izany. Araka ny fifampiresana an-telefôna nifanaovana raha iny angataka ny hamohana barrage izahay . Novaliany hoe tsy toejavatra toy izany no tsy andoavambola fa rehefa misy la roue mihodina dia ts maintsy mandoa vola, ka tsy maintsy mandoa vola ianareo . Nalahelo izahay, tsy afaka namonjy ny fatin'ny namanay . Mipetraka aminay hatramin 'izao ny fanontaniana manao hoe: mbola misy taxe de roulage ve eto Madagasikara? Faharoa mbola mahazo contrôle de légalité ve ny toy izany? ny tena mahatsikaiky dia zaza tsy ampy taona no miandry io barrage io . Izany no zavamisy ety aminay miangavy ny mpitondra ambony hijery ny momba izany ary araka ny resaka heno dia fony ny Minisitry ny intérieur mbola governora an'i Sava, no nametraka azy tao ka asa baiko avy amin'ny ministra ve izany?"

***Niaina***




*Fakana haba tsy manara-dalàna, any Ambinanifaho Antalaha.*

Mondial 2022

# Tombony be ara-toekarena ho an'i Qatar

Tombony be ara-toekarena ho an'i Qatar ny fandraisana ny Mondial 2022 nifarana ny alahady lasa teo. 1 tapitrisa mahery ireo mpizahatany tonga tany an-toerana nandritry ny 1 volana nisian'ny fiadiana ny amboara eran-tany eo amin'ny baolina kitra iny. Mitentina 220 miliara ny vola natokany nanamboarana foto-drafitrasa, sns... nandraisany iny Mondial2022 iny. Ho an'ny kaompaniam-pitaterana Qatar Airways fotsiny dia nahatratra 1,54 miliara dolara amerikana ny vola azo teo amin'ny fitaterana ireo mpandeha mankany fotsiny tanatin'izay iray volana izay. Nanentana indray ny toekarena any an-toerana ny fanaovana iny fetiben'ny baolina kitra eran-tany iny. Iaraha-mahalala fa anisan'ny mpamokatra gaz na entona be indrindra erantany ity firenena ity ary ny mponina any an-toerana dia faha-4 eran-tany ny laharany, raha ny harin-karena anatiny faobe, na PIB isam-batan'olona no jerena. Eo amin'ny salany, ny Qatari iray dia mandray eo amin'ny 89 416 dolara Amerikana isan-taona, raha 4 arivo Ar ny dolara Amerikana iray, an'arivony miliara Ar isantaona arak'izany no raisin'ny mponina any an-toerana eo amin'ny salany. Voalohany ny any Luxembourg, ny PIB isam-batan'olona dia 128 819 dolara Amerikana, faharoa ny any Irlande, ny PIB isam-batan'olona dia 106 997 dolara; faha-3 alohan'i Qatar ny any Suisse 94 834 dolara Amerikana.


***Aly***



BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 416**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0415)

***Mitsivalana***
- Manakory
- Atakalo
- Ta
- Arovy (miv) – TD
- Taolan(a)
- Roa (miv) – Kere
- Tanàna (miv)

***Mitsangana***
- Matinay
- Vata (miv)
- Na – Otra
- Akora
- Ka – Aoka
- Oly – Len(a)
- Ro – Tara
- Tenda (miv)

### TENY MIFANAPAKA N° 416




**Mitsivalana**

**1.** Mpitondra fanjakana – Maharitra **2.** Fiantsoana anareo **3.** Ao amin'ny fiara – Karazana fanekena **4.** Avo toerana **5.** Tovona – Tsara sy meva **6.** Faran-teny (miv) – Gaga sy talanjona **7.** Aro moka – Natao mitovy **8.** Tsenabe **9.** Toerana fivarotan-toaka – Mpisolo tena **10.** Notanterahana – Ao amin'ny vava (miv)

**Mitsangana**

**A.** Mpanafika tanàna **B.** Tsofoka fanitarana – Bibikely – Oroka **D.** Firakofana – Fototenin'ny Mampitafy (miv) **E.** Sakafo (miv) – Lera **F.** Malaky **G.** Milaza fananana – Randrana **H.** Mari-bola – Aretina **I.** Naoty (miv) – Mamba – Tsirin-teny Mpifanao **J.** Tofoka – Zaza madinika, zanaka **K.** Teny Mandràra – Litera mitovy – Mpanoritra (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0415

**Mitsivalana**

**1.** Fikarohana **2.** Ary - Valiny **3.** Nirary - Fa (miv) **4.** Angano (miv) - Nao **5.** Maro - Liana **6.** Paiso (miv) - No (miv) **7.** Ny - Inri **8.** Kintana (miv) - To (miv) **9.** Nandà - IV **10.** Aty - Maimbo (miv)

**Mitsangana**

**A** Fanomanana **B.** (P)irina - Tany (miv) **D.** Kiraro - Any **E.** Soga (miv) - ID **F.** RN - Ianao **G.** Oviala **H.** Ha - Mikipy (miv) **I.** Alàna - Vy **J.** Nifanoro **K.** Ao - Matinao

## NY TENY FIAINANA

*"Ny fankasitrahan'ny mpanjaka dia amin'ny mpanompo hendry; fa ny fahatezerany kosa amin'ny manao izay mahamenatra."*

***Ohabolana 14:35***

LALAO ARA-PIRAHALAHIANA IRAISAM-PIRENENA

# Lavon'ny Barea Chan 3-0 i La Réunion

Lavon'ny Barea Chan 3 – 0 ny ekipa voafantin'i La Réunion, nahitana betsaka an'ireo mpilalao Malagasy mila ravinahitra any an-toerana, izay notarihan'i Théodin mpilalao teo aloha tao amin'ny Fosa Juniors Fc. Ho fanomanan-tenan'ny Barea handeha hiatrika ny Chan Algérie 2023 ity fihaonana natao tetsy amin'ny kianjan'i Mahamasina tamin' ny sabotsy 17 desambra 2022 ity ary mialohan'ny hiaingan-dry zareo ho any Tunisie, mbola hiatrika lalao fanomanan-tena hafa indray, amin'ity volana desambra 2022 ity.



*OPL sy UJSM tetsy Mahamasina.*

Teo amin'ny lalao ara-pirahalahiana natao fanokafam-bavony tamin'io sabotsy io dia afa-bela tamin'ny ekipan'ny OPL notarihan'ny filohany Rakotoarimanana Tôta ny ekipan'ny UJSM notarihan' ny filohany Rasanda Serge, fa naharesy tamin'ny isa 3-2. Marihana fa tamin'ny fihaonan'ny ekipa roa tonta voalohany tamin'ny fiandohan'ny fifaninanana "Orange Pro League 2022/2023" teny amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium By Pass" dia nivoaka ho mpandresy ny ekipan'ny OPL.

**Rainilita**

Mondial eo amin'ny baolina kitra

# Any Etazonia sy Kanada ary Meksika indray amin'ny taona 2026

Tapitra tamin'ny alahady 18 desambra 2022 ny andiany faha-22 amin'ny fifaninanana baolina kitra « FIFA World Cup Qatar 2022 », ka tafavoaka ho tompondakan'ny baolina kitra lehilahy vaovao ny ekipan'i Argentine notarihan'i Lionel Messi. Lavon'izy ireo tamin'ny isa 3(4) – 3 (2) taorianan'ny « Tirs au but » ny ekipan'i France tompondaka farany teo amin'ny lalao famaranana, notontosaina tao amin'ny kianja « Stade Lusail Iconic » any Doha Qatar. Fety be tsy nisy toa azy ny an'ny vahoaka Argentin hatrany Qatar ka hatrany Buanos Aires renivohitr'i Argentine. Sambany teo amin' ny niangaliana baolina kitra i Messi, no nibata an'ity amboara lehibe eran-tany ity na dia efa im-pito aza izy no nisalotra ny anaram-boninahitra « ballon d'or ». Nosaloran'ny « émir du Qatar, Tamim Ben Hamad Al-Thani » ny « Bisht » na « manteau traditionnel Arabe» i Lionel Messi talohan'ny nibatany ny amboara. Any Canada sy Mexique ary États-Unis mitambatra indray, ny fotoanan'ny rehetra amin'ny andiany faha-23 ho tontosaina amin'ny taona 2026, ka handraisan'ny ekipam-pirenen'ny baolina kitra maneran-tany miisa 48 anjara fa tsy 32 toy ny tamin'ny farany teo, no hiatrika ny dingan'ny famaranana. Vokatra farany teo amin'ny "Mondial Qatar 2022" : Tompon-daka : Argentine, Tompon-daka lefitra : France, Laharana faha-3 : Croatie nandresy an'i Maroc 2-1 teo amin'ny fiadian-toerana, Laharana faha-4 : Maroc « Meilleur joueur de la comptétition » : Lionel Messi (Agentine), « Meilleur gardien de but » : Emiliano Martinez (Agentine), « Meilleur jeune Joueur de la compétition » : Enzo Fernandez (Agentine), Meilleur buteur du Mondial 2022 : Kylian Mbappé (8 buts).



*Avo ny lanitra ho an'i Messi sy ny namany.*

**Rainilita**

Badminton Malagasy 2022

# Nahazo tompondaka miisa 7 ny sokajy Sénior


Tamin'ny sabotsy 17 sy alahady 18 desambra 2022 teo, no nanatontosana ny fifaninanana Badminton fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 ho an'ny sokajy Sénior, tetsy amin'ny kianja mitafon'ny ANS Ampefiloha. Nahatra 88 ireo mpandray anjara ka klioba miisa 10 avy amin' ny ligim-paritra 3 : St Jo Mahamasina, VTTK Ivato, CBFJ Ambohitrimanjaka, MB2ALL, Baobad, SCI Itaosy, LCSMI Itaosy, Antsirabe BC, EastBad. Ireo tompondaka sy tompondaka lefitra miisa 7 avy : « Simple Dame Série C » : Rajarisosa Haingo (Vttk) nandresy seta 2-0 an'i Andrimiharisoa Julia (Vttk) (21-10 ; 21-15), « Simple Homme Série C » : Andrianarison Mahery (Vttk) nandresy seta 2-0 an-dRakotomalala Frédérick (Mbc) (21-14 ; 21-13), « Simple Dame Vétéran » : Rasolonoelina Sahondra (Baobad) nandresy an' Andriambololona Voahangy (Baobad) tamin'ny « Classement direct », « Simple Homme Vétéran » : Ratiazafy Mon claire (Sci) nandresy seta 2-0 an-dRandrianarijaona Albin (Lcsmi) (21-14 ; 21-06), « Simple Homme Série B » : Razafindrakoto Toky (St Jo) nandresy seta 2-0 an-dRakotonirina Jocelyn (Lcsmi) (21-18 ; 21-11), « Simple Dame Série A » : Razafimamonjiarison Stéphania (Mb2All) nandresy seta 2-1 an-dRazanamaly Soaniaina (Mb2All) (22-20 ; 12-21; 21-16), « Simple Homme Série A » : Razafimahatratra Thierry (St Jo) nandresy seta 2-1 an-dRazafimandimby Tokinirina (Mb2All) (15-21 ; 21-19 ; 21-16).



*Kalaza teny Ampefiloha.*

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy tsaramaso maina rony indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.


## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo amin'ny fandehanana tongotra tsy manao kapa, na kiraro

Ny tombotsoa azo avy amin'ny fandehanana tongotra tsy misy kiraro, na kappa indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany:

- Mahasalama izany,
- Manamafy ny vanin-taolana sy ny hozatra.
- Tsara ho an'ny lalan-drà sy ny fikorinan'ny rà.
- Manala fanaintainana, indrindra ho an'ireny marary lamosina ireny.
- Manala ireny tsembon-tongotra lava ireny.
- Mampatanjaka.

Any an-trano na an-tokontany, na amin'ny toerana afaka tsy anaovana kapa sy kiraro, no afaka manala azy ireny dia mandeha tongotra .



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambatoharanana any amin'ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo

Ny tanànan'Ambatoharanana any amin'ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna, tamin'ny kaominina Moramanga amin'ny faritra Alaotra Mangoro, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 11 amin'ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana faritra Ananjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao. Misy distrika 6 ny faritra Analanjirofo, ampahafantarina antsika, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 11 amin'ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Ny tanànan'Ambatoharanana, renivohitry ny kaominina Ambatoharanana, iray amin'ireo kaominina miisa 11 mandrafitra ny distrikan'i Fenoarivo Atsinanana. Any atsimo atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Azo lazaina ho mbola iva toerana izy, satria 140 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny jirofo, ny voankazo toy ny letchi, ny manga. Mamboly vary ihany koa ny any Ambatoharanana.

